



## **TOLO-PEHIN-KEVITRA laharana faha 04-2020/PR mikasika fananganana sy fandaminana Fokontany**

atolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOSON Hubert

### **FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Ho antsika Malagasy, ny Fokonolona no sehatra tsara indrindra ho an'ny fiaraha-miaina. Ao no ifampikasohan'ny taranaka mifandimby, ao no ampitana ny soatoavina ary ao no hamoahana ny hevitra. Rafi-pitantanana ho an'ny vondron'olona fototra izy tamin'ny faha mpanjaka izay nampahafantatra azy ny vahoaka sy nanaparitaka azy teto Madagasikara.

Tsy nampihena ny tanjany ny fanjanahantany, ary ny mpitantanana ny Fanjakana tamin'ny taona 1975, dia nanangana azy ho mari-pamantarana ny politika ary nampifanarahany ny toetr'andro sy ny fitandroana ny soatoavina malagasy.

Narindran'ny Repoblika faharoa ny Fokonolona rehefa hita fa tena ankohonam-piainana sosialista sy demokratika. Natsangany ny fokontany ho vondrona fototra itsinjaram-pahefana ary navadika ho fakana tsangan-kevitra ilay izy, saingy voakajy kosa ny tena ventiny dia ny fifidianan'ny olona rehetra izay ho mpiandraikitra ny fokontany, raha toa ka olona voafantina no nifidy izay hiandraikitra ny vondrona itsinjaram-pahefana hafa.

Ny Repoblika fahatelo dia nanavao ny demokrasia teto an-toerana ary nanapaka fa ny mpiandraikitra ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana rehetra dia ny olon-drehetra tsy an-kanavaka no mifidy azy, saingy tsy voalaza ao kosa ny

momba ny Fokontany. Na izany aza dia mbola ny olona rehetra hatrany no nifidy ny mpiandraikitra azy ireny.

Nisy anefa taty aoriana ny fihemorana teo amin'ny demokrasia teto an-toerana. Ny Ben'ny tanàna no manendry amin'ny alalan'ny didim-pitondrana izay ho Sefo Fokontany sy ny Lefiny arakaraka ny zava-misy. Notsongaina tamin'ny lisitra nahitana anaran'olona dimy natolotry ny Fokonolona feno 18 taona miakatra nandritra ny fivoriam-be niantsoan'ny Ben'ny tanàna azy izy ireo. Na dia teo aza izany dia anjaran'ny Kaominina kosa ny manome tambin-karama ny sefo fokontany sy ny lefiny.

Amin'ny fitondrana aty aoriana dia amin'ny alalan'ny olona dimy voafidin'ny Fokonolona omena ny Ben'ny tanàna, no miandraikitra ao ka ny Ben'ny tanàna kosa no mifidy ary manolotra olona telo amin'ireo. Ny Lehiben'ny distrika no manendry olona roa dia ny sefo fokontany sy ny lefiny. Ny ambiny kosa dia lasa komitim-pokotany ka ny fitondram-panjakana mahefa no manome ny tambin-karaman'izy ireo. Ny kaominina ambonivohitra no afaka nanatanteraka izany rehetra izany fa tsy ny kaominina ambanivohitra izay zara raha nahavita.

Rehefa izay dia hita sy tsapa fa betsaka ny zavatra mila ampiarina sy amboarina raha ny momba ny Fokontany no jerena. Ny tanjona tian'ity tolo-pehin-kevitra ity tratrarina dia ny hahamarin-toerana ny rafi-piaraha-monina malagasy manerana ny nosy indrindra fa ny eny amin'ny tontolo ambanivohitra izay lavitra tanan-dehibe. Mikendry ny hamaritana mazava ny andraikitra ny mponina ihany koa izy ity.

Toy izay, Rtoa sy Atoa solombavambahoaka, no zava-kinendry amin'ity tolo-pehin-kevitra ity.



**TOLO-PEHIN-KEVITRA laharana faha 04-2020/PR  
mikasika fananganana sy fandaminana Fokontany**

atolotry ny Solombavambahoaka RAKOTOSON Hubert

Ny Antenimierampirenena,

Araka ny Lalampanorenana,

Araka ny voalazan'ny andininy faha-114 ny Fitsipika anaty ny Antenimierampirenena,

Nohon'ny fahatsapana fa hita nihalohalo tamin'ireo fanao teo aloha ireo ihany ny fampandraisana anjara ny vahoaka tamin'ny fisafidianana izay hiandraikitra ny Fokontaniny. Ny fanantitrateran'ny ny Lalàmpanorenana fa ny "Fokonolona narafitra ho Fokontany, dia sehatra fifanakalozana sy fandinihana andraisan'ny vahoaka anjara ».

Nohon'ny fandresen-dahatra mikasika ny Fokonolona no fototry ny fampandrosoana ny firenena indrindra fa ireo eny ambanivohitra;

Dia mitaona ny Governemanta hiroso amin'ny fandaminana toy izao manaraka izao:

**Andininy voalohany:** Ny mpiandraikitra ny Fokontany sy ny Fokonolona dia mandray anjara feno amin'ny fampandehanan-draharaha sy ny asa fampandrosoana ny Fokontany misy azy. Homena alalana ny Fokontany hampidi-bola na hanatevina ny fidiram-bola ao anatin'ny kitam-bolany ka io ihany no hanomezana ny tambin-karaman' ny sefo Fokontany sy ny lefiny ankoatra ny fanampiana omen'ny Fanjakana foibe azy ireo.

**Andininy faha-2:** Hitarina sy hampitomboina ny Fokontany satria tsapa tokoa mantsy fa tsy mitsaha- mitombo isan'andro ny isan' ny mponina. Ampidirina araka

izany ao anatin'ny Fokontany efa misy ireo zana-tanàna miforona eny anelakelaky ny fokontany any amin'ny kaominina ambanivohitra any ireo. Izany dia natao entina manamora ny fanisam-bahoaka sy ny fampiarana ireo teti-pandrosoana samihafa.

**Andininy faha-3:** Efa misy Prezidam-pokonolona isak'ireny zana-tanàna ireny. fa lasa vesatra ho an'ny Fokontany. Hamafisina ihany koa fa ny sefo Fokontany no manara-maso sy manentana ny Fokonolona eo ambany fiadidiany ka izy no manao tatitra tsy tapaka eny anivon'ny kaominina mifehy azy mba hahalalan'ny Ben'ny Tanana ny zava-misy eny ifotony ka hahafahan'ity farany mandray ny andraikitra tandrify azy ka mampita izany eny amin'ny ambaratongam-pahefana samihafa.

**Andininy faha-4:** Havadika Fokontany ny toerana misy ny Birao-pifidianana rehetra mba entina ialana amin'ireo hosoka isan-karazany sy entina manara-maso ny fivezivezin'ny mponina.

**Andininy faha-5:** Tokony homena kaominina koa ny Fokontany maromaro mifanakaiky. Ny fanomezana ireny kaominina vaovao ireny dia hanamora ny fifanantonana sy ny fifanakalozana mba hialàna amin'ny fitokana monina. Raha ny tokony ho izy dia Fokontany 07 fara fahakeliny no mamaritra ny Kaominina iray fa ny mihoatra kosa tsy ferana. Tsara hamafisina ihany koa ny loharanom-bolan'ny kaominina sy fangaraharany.

**Andininy faha-6:** Mba hialana amin'ny fahadisoan'ny antontanisa mikasika ny sokajin'olona misy eto Madagasika sy mba hamantarana ny mombamomba ny olona tsirairay dia faritana mazava tsara ny andraikiny ka hamarinin'ny Fokontany misy azy izany ka soratana ao anatin'ny karapanondrony. Hita sy tsapa mantsy fa ny ankamaroan'ny olona eto amin'ny nosy dia voasoratra "Mpamboly" avokoa na tsy manana tanim-boly akory aza.

**Andininy faha-7:** Tokony atao adidy ny famonjena fivoriam-pokontany ka mahavoasazy ny tsy fanatanterahana izany. Atao toy izany ihany koa ny fanambaram-piterahana eny anivon'ny fokontany mba entina miady amin'ny tsy fananan'ny zaza vao teraka kopia nahaterahana

Natao teto Antananarivo ny

RAKOTOSON Hubert